KABARY NATAON'NY
FILOHAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA,
HO VALIN'NY FIRARIANTSOA
NATAON'IREO ANDRIM-PANJAKANA
(*Iavoloha, faha-12 janoary 2001*)

Andriamatoa Filohan'ny Antenimieram-pirenena

Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo

Andriamatoa Praiministra,

Ianareo Raiamandreny ara-panahy, mpitondra fiangonana,

Andriamatoa Ben'ny tanàna,

Ry vahoaka Malagasy havana,

Tompokovavy sy Tompokolahy hajaina isany,

Sitraka koa raha sitraka, telina koa raha telina ary mamy koa raha mamy ny teny sy kabary fiarahabana sy firariantsoa nentinareo taminay teo ireny, tamin'ny anaran'ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo, tamin'ny anaran'ny andrim-panjakana isan-tsokajiny ary ny fitondram-panjakana isan'ambaratongany.

Sitraka enti-matory izany, Tompokovavy sy Tompokolahy, ka ho valiana isak'izay tohin-tohitra.

Maro ihany ary zavon-tany mihitsy, an-davitrisany ny kintana eny an-danitra, fa miavaka ihany kosa ny telonohorefy.

Maro ihany ny andro, ny volana, ny taona fa ity taona 2001 diavintsika ity kosa dia manana ny maha-izy azy manokana satria misantatra ny taon-jato faha-21 sy ny taona arivo fahatelo ; raha atao ny adisanina farany izay tsotra kanefa tsy mahazatra antsika, dia ny 2001 na ny 21 na ny 3 dia mitovy ihany, samy manome telo. Fifandrifian-javatra fotsiny ihany ve izany (coincidence) ? Asa ?

Izay no ela fa ity Asaramanitra ity dia fotoam-piarahabàna miavaka tokoa.

Ny rano hono no miady fidinana ; ny rivotra no miady fananihana ; ny valala no mifanipaka an-karona, fa ny teny fiarahabana ifamaliana kosa dia mahatsara Fihavanana sy Firahalahiana.

Koa rariny loatra ary hitsiny tokoa raha mamerina tsy misy ràraka an-tany ny firarian-tsoa sy fanambinana vokatry ny fo ka naloaky ny vavanareo teo izahay.

Manana havana, rahalahy sy anabavy, tapaka sy namana tokoa izahay manana anareo. Koa dia misaotra, Tompokovavy, mankasitraka Tompokolahy.

Ho lava andro iainana anie isika rehetra ;

Ny andon’ny lanitra sy ny tsiron’ny tany ary ny hasin’ny Tanindrazana anie hitsodrano antsika tsy misara-mianakavy.

Nifampirary soa sy fahasalamana isika tamin’ny taona lasa iny, dia izao isika mifamotoana etoana izao indray.

Kanefa, tsy dia isika loatra angamba no tò-teny na masin-teny, fa noho ny famindram-pon’Andriamanitra Ray, Mahefa ny zavatra rehetra, Nahary ny lanitra sy ny tany ary Mandahatra ny zavatra rehetra, dia izao isika mifanatri-tava izao. Koa isaorana anie Izy, ary ny Dera sy ny Laza ary ny Voninahitra mandrakizay no atolotra Azy. Ary mivavaka koa isika mba hankatoaviny ny firariantsika rehetra mba hahitantsika rehetra izay hevitra mahasoa hiadanan’ny ambanilanitra.

Tsy ho voafahan-dalitry ny olona itokisana anie isika ary tsy ho vasoky ny fanaratsian’ny mpanazimba, fa kosa, hahita fahombiazana amin’ny asa fandavorariana ny fiaraha-monina sy fampivoarana ny toe-karena, mba hiaina ao anaty firahalahiana sy fifanomezan-tànana isika mpiray Tanindrazana rehetra.

Arahabaina àry Tompokovavy,
Arahabaina àry ianareo Tompokolahy,

Nahatafita iny taona 2000 (roa arivo) iny, tsy maty fo aman'aina, tsy solafaka an-dàlana, tsy lavon'aretina fa nananjara sy notahin-Janahary ka tojo izao Asaramanitra izao, ka miatrika am-pifaliana indray ity taona vaovao hafa kely ity.

Dia dobok'amponga fararano tokoa ka sady mampitotorebika ny tanora, no mampisonenika ny zokiolona.

An-taona maro tokoa mantsy no niandrasantsika ny taona 2001 (iray sy roa arivo), mampiditra antsika amin'ny taonjato faha-21 sy ny taona arivo fahatelo.

Tao ny feno tebiteby, tao ny niandrandra fahagagàna, sns, sns… Nisy olon-tsotra, na antokom-pivavahana vitsivitsy, nanao antso avo sy fanambaràna miezinezina, fa tokony ho tonga, na ho tonga tsy ho ela hono, ny faran'izao tontolo izao, ary toa hoe tsy ho nahita ny fiafaràn'ny taonjato faha-20 iny akory isika zanak'olombelona ! Kanefa, hatramin'izao, dia samy mbola velona soa aman-tsara isika mianakavy, ary izao mifanatri-tava sy mifampiarahaba izao.

Tsy maintsy ho tonga tokoa aloha ny fiafaran'ny zavatra rehetra indray andro any ! Satria izay nisy fiandohany, tsy maintsy misy fiafarany. (Fa Andriamanitra Irery ihany no sady tsy manam-piandohana, no tsy manam-piafarana, fa Velona sy Masina Mandrakizay !).

Fa tsy anjarantsika ny hahafantatra, na ny andro, na ny ora, araka ny voasoratra ao amin'ny soratra masina, MATIO 24/36.

Ary mandra-pahatongan'izany dia ndeha isika hiasa, hiezaka, hanefa adidy sy handray andraikitra feno, mba ahazoana manamarina ny fisiantsika eto an-tany, ka hindrana ny tenin'i LUTHER manao hoe : « Na dia tsy maintsy ho tonga rahampitso aza ny faran'izao tontolo izao, anio aho dia mbola hamboly zana-paoma ihany ! »

Alao hery àry, ry vahoaka Malagasy, fa miandry antsika i Madagasikara Tanindrazana malalantsika ity.

Ho taom-pitahiana sy taom-pahombiazana ary taon-jina ho an'ny Malagasy rehetra anie ity taona 2001 (iray amby roa arivo) ity !

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Ny andro firavoravoana toy izao moa dia marina fa natao indrindra mba hisindàna kely, ka hanadinoana ny resaka politika. Kanefa, amin'ny maha olom-pirenena antsika, dia tsara ihany angamba raha mandinika ny raharaham-pirenena isika, ka hanao dian-tàna, hijeri-todika ny lasa mba ahazoana manomana ny ho avy tsaratsara kokoa.

Tsy hanao lambolahy mandia hosy anefa izahay, ka hanitsaka ny efa malemy, fa hataonay bango takatra kosa ny folo taona lasa rehetra, ka tonga dia any an-katoka.

Eny, nifanesisesy teto amintsika ny loza voajanahary sy ny areti-mandringana isan-karazany, nahakizo fara sy namono olona sy biby fiompy, nanimba zavatra betsaka nanerana ny Nosy tato anatin'ny folotaonan'ny Repoblika fahatelo izay.

Tao ny Geralda, ny kere, ny bemangovitra, ny pesta, ny antsatsa nisy poizina, tao ny Gretelle, ny valala, ny choléra, ny Eline, sns…sns… ary nanampy trotraka tamin'izany ny fidangan'ny vidin-tsolitany teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Tsy nitanondrika anefa isika fa nisikimponitra, niatrika ary nitràka.

Ny tendrombohitra hono fandrian'ny zavona, ny lohasaha fandrian'ny moka, ny helo-drano fandrian'ny mamba, ary izahay Raiamandreny Filoham-pirenena fandrian'ny adidy aman'andraikitra.

- Sikilaonina sy rivo-doza ve ? Tsy niandry fanampiana avy any ivelany isika, fa nandray andraikitra avy hatrany ka nanarina ny simba.

- Valala ve ? Nividy fitaovana avy any ivelany isika ary nametraka tetik'ady nahomby, dia ny « TASK FORCE» sy ny « TASK GROUP » ary ny « TASK UNIT » tao amin'ny CNLA niaraka tamin'ny foloalindahy, ny ONG, ny Fokonolona ary ny mpanampy avy any ivelany.

- Dia izao hitantsika izao ny vokany : tsy naharitra 7 ka hatramin'ny 20 taona araka ny fanambaran' ny sasany ny fandresena ny andiam-balala, izay saika nanafotra ny Tanintsika. Miverina any amin'ny Ministeran'ny Fambolena izao ny ady amin'ny farasisam-balala, kanefa tsy maintsy mailo lalandava isika.

Koa, satria resy tosika ihany ny valala, dia afaka namokatra ny Tantsaha, ka nanampy be tamin'ny fisondrotry ny harin-karena faobe izay mahatratra 5% (dimy isanjato) tamin'ity taona ity, ka antenaina ny hananika ny 6,3% amin'ny faran'io taona ho avy io, raha 0,1% monja izany fisondrotry ny harin-karena faobe izany tamin'ny 1995.

- Choléra ve ? Tsy niandry fanampiana avy any ivelany isika, fa dia niatrika avy hatrany ity aretina mahery vaika ity. Nitady ka nahita vaksiny fanefitra, nanafatra fanafody andavitrisany : Doxycycline, Lactate de Ringer, Argile, Cyprofloxazine ; namokatra ODIVA (na SRO : Sérum de Rehydratation Orale), sns, sns.

Deraina manokana etoana ny fandavan-tenan'ireo mpiasan'ny fahasalamana, na sivily na miaramila na vavy na lahy sy ireo rehetra nisakana ny fianak'izanyaretina izany be loatra.

Kanefa, tsy fongotra io aretina io amin'izao fotoana izao fa mbola mety miverimberina, ka mitohy ny ezaka sy ny asa fisorohana ary ny fitsaboana.

- Ain-tany ve ? Natao ny fandatsahana ranon'orana (pluie artificielle), na tany Alaotra, na tany Atsimo. Natao ny fitarihan-drano na lakandrano misy paompy 18 km niarahan'ny Foloalindahy, ny mpandraharaha sy ny Fokonolona, ka vita soa aman-tsara teny Didy, ary mbola hatao ny asa fitarihana sy fizaran-drano any Andranomena, amin'ity taona ity.

- Tetezana sy fifamoivoizana tapaka ve ? Nafarantsika ary novidintsika ny Ponts Flottants 227 M, double voie, any Ivoloina sy Antanambao Nosibe any Toamasina, izay nanala fahasahiranana ny daholobe, na dia misy aza ny mpialona sy ny mpanaratsy ;

Ary mbola hotohizantsika izany ezaka goavana izany satria takian'ny mponina sy ny mpandraharaha avy any an-toerana !

- Vidin-tsolitany midangana ve ? Vidim-piainana midangana ve ? Tsy fidokafan-tena na fiderana vady mahay mandihy, fa niasa tsara ny Governemanta ; Ka raha 45% na 50% mihitsy aza ny « inflation », (fisondrotry ny vidim-piainana) tamin'ny 1995, dia 10% sisa izy izao ! Ary na dia tsy azo natao aza ny « subvention », dia nifandahatra mafy tokoa tamin'ny mpamatsy vola ny Governemanta, dia afaka nanao « subvention » ihany na fanampiana ara-bola avy amin'ny Fanjakana, ho fanamaivanana ny sondro-bidin'ny fiainana, ka mba ho tonga amin'ny tokony ho zakan'ny vahoaka sy ny toekarem-pirenentsika, araka ny efa nambaran'ny Praiministra teo ; Ka vola mitentina 206 Milliards (206 lavitrisa iraimbilanja) no lanin'ny Fanjakana tamin'izany subvention izany.

- Izany indrindra no nahatonga anay nilaza hoe : « tokony mba ho lanjalanjaina ihany ny fitakiana satria sao manahirana , sao tsy zakan'ny Fanjakana». Atao tery omby ririnina izy io ka tsy atao hamono ny reniny, tsy atao hanabotry ny zanany.

Tenin-dRaiamandreny amin'ny Zanaka no nataonay ireny fa tsy teny fanakianana be fahatany, ka na tsy levon'ny vavonin'ny sasany aza, dia tsy maintsy natao, fa tsy Filoham-pirenena mandray andraikitra izahay raha tsy nanao izany anatranatra izany.

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Tsy mpanao demagozia na ronono an-tavy ny tenanay, ary ambetin-teninay matetika ny manao hoe : « ny fanafody mahomby dia mazàna tsy mba tsara tsiro, ary ny tsindrona mahasitrana dia maharary am-piandohana ».

Eto dia mbola manantitra ny fisaorana mitafotafo sy fankasitrahana feno ny vahoaka Malagasy, ny orinasa, ny isam-batan'olona izahay, noho ny fahatakarana sy ny faharetana nasehony manoloana ireny toe-javatra nanahirana rehetra ireny.

Fantatray tokoa ary tsapanay loatra ny finiavanareo hitafy fahavononana sy fihafiana, ka nanaovanareo ampinga loha sy mandatehezana ireny fotoan-tsarotra nodiavin'ny Firenentsika ireny.

Atao heni-tsaotra sy arahaba ny vahoaka Malagasy, vodi-ahitra arivo, angady lavalela hanamaintimolaly ny tany, amboara ifatorana, ala ikirizana, vato fandiavana, kitro ifaharana, ary manda itokiana, satria tsy rendrika akory ny Firenentsika fa vao maika miarin-doha sy mitràka amin'izao fotoana izao.

Voaporofo indray izao fa tsy misy mafy tsy laitran'ny zoto amin-draMalagasy ! Raha maizina ny andro, azo tsilovina ! Raha lalina ny hady, azo toharina ! Maria ny rano, azo lakanina ! Ka na nisy ary nisy tokoa aza ny olana, dia nisy ny vahaolana !

Na teo aza ny mpamendrofendro sy ny mpamalan-kira hoe : tsy misy ny Demokrasia eto Madagasikara, ka tsy atokisan'ny mpamatsy vola avy any ivelany i Madagasikara ankehitrio, dia azo ihany ny FASR (Facilités d'Ajustement Structurel) tamin'ny FMI ; dia azo ihany ny CAS II (Crédit d'Ajustement Structurel) tamin'ny Banque Mondiale. Azo tamin'ny Amerikana ny fanapahan-kevitra politika momba ny AGOA, na AFRICA BILL, na fahafahana manondrana entana tsy misy haba mankany Etazonia.

Ary farany, fa tsy latsa-danja amin'ireo asa notanterahin'ny Fitondram-panjakana, efa fantatsika rehetra izao fa nahazo famafan-trosa i Madagasikara, ka ny vola mitentina 325 Milliards (325 lavitrisa iraimbilanja) any ho any, tokony nandoavana trosa, no azontsika ampiasaina ho fampivoarana ny Firenena. Zava-dehibe loatra izany ka tsy azo odian-tsy hita toy ny tono-vomanga vory vahoaka.

Tompokovavy sy Tompokolahy,
Ry vahoaka Malagasy,

Izay no ela fa manao ahoana ary ny hoavin'i Madagasikara ?

Ny vola ho azo amin'io tsy fandoavan-trosa - izay midika ho famafan-trosa - io, dia miakatra isan-taona : 325 Milliards, 2001 – 340 Milliards, 2002 – 380 Milliards any ho any, 2003 mandrapavoafafa tanteraka ny trosa any amin'ny 2010 any ho any.

Noho izany :

Afaka mampihatra tsara ny tetik'asa novolavolainy ny Fitondram-panjakana, ka tsy misy ho diso anjara amin'ny fampandrosoana na ara-tsosialy, na ara-ekonomika ny Faritany mizaka tena enina.

Mitanjozotra ny mpampiasa vola avy any ivelany ka sady manabe voho ny toekarentsika izany no manome asa (Eoropeana, Amerikana, Sinoa, avy any Hong Kong, avy any Taïwan na Formose, sns…). Koa isika anateran-tsira indray ve no tsy hahay mahandro ? Ndeha isika hiasa sy hiezaka mba ho mendrika izany fitokisan'ny any ivelany izany ary mba tsy ho tompon-trano mihono, na tompony mangataka atiny isika Malagasy.

Koa manainga sy manasa antsika Malagasy tsara sitrapo rehetra izahay, hifanome tànana ho fampivoarana sy ho fampandrosoana ny Tanindrazana iombonana, ka « ny lahy ho mahery mihosy, ny vavy ho mateti-panetsa, hanao izay hahavoky ny ankizy ! ».

Fa hoy indrindra ny soratra Masina : « Aoka isika hifampidinika, hampandrosoana ny asa tsara » HEBREO 10/24.

Kanefa, satria ny hevitra moa tera-bary, ka samy mampisongadina ny azy amim-pilaminana sy amim-pahamendrehana. Ary ilaina ihany koa ny tsy fitoviana fa mety mahatsara zavatra satria, « raha mitovy hevitra tanteraka ny mpivady, dia ho lany mbamin'ny akoho mikotrika », hoy ny fitenin-dRazana.

Izay no nahatonga anay nanao antso avo, ho an'ireo mpanao politika mba hanao fifaninanana masina eo amin'ny fanasoavana ny Firenena sy ny mpiarabelona, ka dia ny vahoaka no aoka hitsara izay nahavita be ho an'ny Tanindrazana !

Fa ny adilahy, ny fifanasàna vangy, ny korontan-dava, tsy mitera-bokatsoa na fampandrosoana ho an'ny Firenena velively.

Dia adin'ombalahin'ny mpianakavy, ka ny mandresy tsy hobiana ary ny resy tsy akoraina !

Momba ny hoavin'ny Firenena ihany, dia tsy maintsy hatsaraintsika ny fari-piainan'ny vahoaka, indrindra fa ny havana monina any ambanivohitra, ka hotohizana sy hamafisina ary hatsaraina ny SEECALINE, ny fanaovana làlana, sekoly, tobim-pitsaboana (dispensaires) isaky ny « commune » mihitsy fa tsy isaky ny Firaisana fotsiny ary tokony hasiana fitaovana "ary fomba " ny hopitaly lehibe isam-paritany: SCANNER ohatra, eny fa na IRM (Imagerie de Résonance Magnétique Nucléaire) mihitsy aza.

Araka ny toriteny nataon’ny Raiamandreny ara-panahy iray farany teo dia tsy tokony ny Fiangonana irery ihany no hitsimbina ny mahantra ; Asa vadi-drano io ka tsy vita raha tsy hifanakonana ; Tokony samy handray andraikitra isika rehetra, na ny mpanao politika, na ny mpandraharaha, na ny isam-batanolona aza.

Dia manaraka ara-bakiteny an’izany torohevitra mahasoa izany izahay, raha ny tenanay manokana no asian-teny satria tsy afaka miteny ny sasany izahay.

Izany no anampianay an’i Frère Hubert sy ny TEFISAINA any Manody – Ikalamavony, manampy ny tantsaha, ny mpiompy, ny mpifindra monina. .

Izany no anampianay an’i Frère Fazio sy ny mpanosika Varamba any Fianarantsoa.

Izany no nanosika anay nitsinjo : famatsiana ara-bary, sira sy siramamy, na tany Atsimo izany, na tany Vatomandry – Mahanoro, na tany Avaratra (faritra SAVA), noho ny ain-tany na ny fandalovan’ny rivo-doza.

Manao fanandramana izahay eo amin’ny toerana efatra eto Antananarivo Renivohitra, amin’ny alalan’ny Sakafo Mitam-pihavanana (vary sy hena iray lovia no amidy 250 Fmg na dimampolo monja), mba ho fanampiana ny mahantra ary hotohizana izany araka izay azo atao.

Misy vokany izy ireny matoa efa nisy sahady ny mpisompatra, hono, hono hoy aho, satria nisy nitatitra maloto sy diky eny amin'ireny toerana ireny. Mampalahelo izany.

Fialonan'ny ratsy saina izany, ka sady maharary no mahamenatra, toy ny tongo-bakivaky !

Eto dia misy torohevitra mba atolotray ny Governemanta raha sitrakareo:

1)- Tsara raha asiana « ordinateur », ampiasain'ny Fivondronana amin'ny fitantanan-draharaha isaky ny Fivondronana;

2)- Ny tsy fahaizana « ordinateur » dia miendrika tsy fahaizan-taratasy koa amin'ity taonjato faha-21 ity, amin'ny taona arivo fahatelo ; Ka tsara raha asiana biblioteka famakiam-boky sy fampianarana mampiasa « ordinateur » isaky ny Fivondronana mba ahafahan'ny tanorantsika miatrika ny fampandrosoana moderna.

Heverinay fa tsy misy maharatsy azy ny fomba nampiasaina tamin'ny Repoblika Faharoa (2ème République) ireny :

Dia ny fandefasana mpianatra Malagasy mendrika, handranto fianarana any ivelany, ka tokony hiezaka ny Fanjakana handefa mpianatra 10 na 15 isan-taona monja aza, mahazo vatsi-pianarana (bourse extérieure). Tsy vitsy ny tompon'andraikitra Malagasy ankehitriny, na miasa amin'ny Fanjakana, na amin'ny « privé », nandalo tamin'izany làlana izany, ary tsy misy maharatsy azy izany !

Ary farany dia farany, fa tsy latsa-danja,

Koa satria efa manohy ny fikarakaràna ny tanora isika, dia tsara ihany raha mba karakaraina ihany koa ny mpiasam-panjakana sy ny mpiasa ary ny beantitra misotro ronono.

Koa, satria efa manomboka miarin-doha ny toekarem-pirenentsika, ka tahaka ny nataonay tamin'ny 1979, raha nikabary tany Maroantsetra izahay, dia : manomboka amin'ny volana Febroary ho avy izao, dia hasondrotra ho 25% ny «valeur»-n'ny «point d'indice»-n'ny Fonksionera, izany hoe : hampiakarina 3750 fa tsy 3000 intsony.

Ry vahoaka Malagasy,
Tompokovavy sy Tompokolahy,

Izany sy izany ary izay sy izay ny hevitray momba ny raharaham-pirenena.

Tsy misy fanaperana eto an-tany, araka ny nambarako tamin'ny faran'ny taona teo : mideza, be sakantsakana ny làlana! Manao izay ho efany ny Mpitondra Fanjakana ! Koa maniry koa raha maniry, manantena koa raha manantena, fandraisan'andraikitra avy amin'ny malagasy tsara sitrapo rehetra, isam-baravarana ary isam-batanolona, mba hampandroso tsy misy tomika ity Firenena malalantsika ity.

Dia mbola anterinay hatrany ny firarian-tsoa ho an'ny Malagasy tsy vaky volo amin'izao Asaramanitra izao.

Dia ho taon-jina, taom-pahombiazana, ampoky ny soa sy feno hasambarana, omban'ny fanantenana vaovao ho antsika rehetra anie, ity taona 2001 (iray amby roa arivo) ity.

Ka ny ratsy ho resy, ny maditra ho folaka ! (raha misy)

Ho tojo ny sambatra sy mananjara anie ny vahoaka Malagasy eo am-pamakivakiana izany làlam-baovao izany !

Ka tsy hioty manta ho leony, fa hioty masaka ho voky !

Tsy ho vaky vilany fararano, na ho vaky vovonana fahavaratra, na sanatria ho rovi-damba ririnina, fa samy ho tahian-Janahary daholo, ho salama vatana, tsy harary ary ho lava velona sy hateza taona ny rehetra !

Ho ela velona anie i Madagasikara, mandroso, mivoatra, miray hina ary mitràka.